

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Dikan'ny Tonga lafatra

Natao ho tanteraka ao amin'i Kristy aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Mampatahotra ny sasany ny teny hoe tonga lafatra. Mihevitra izy ireo fa ny hoe tonga lafatra dia midika fa tsy manao ratsy mihitsy ianao, tsy miteny ratsy mihitsy ianao, tsy manao fahadisoana mihitsy ianao. Hoy ireo olona ireo: “Raha izay no tanjona, dia miala aho izao, satria tsy ho tratra mihitsy izany.” Ny teny hoe tonga lafatra anefa dia hita ao amin’ny Soratra Masina, ary tsy afaka miala amin’izany isika. Na ho ela na ho haingana dia tsy maintsy miatrika izany isika.

Ny tonga lafatra dia manana dikany telo lehibe ao amin'ny Soratra Masina. Ny voalohany dia “matotra”, na “lehibe”. Isika rehetra dia mahita izany ho toy ny zava-kendrena ara-drariny — izay tsy misy tokony hatahorantsika. Ny dikany hafa mitovy hevitra aminy dia ny "feno", tsy misy tsy ampy na misy kilema. Tadidio fa tsy voatery hiaraka ireo hevitra roa ireo. Mety efa lehibe ny olona iray kanefa mbola misy kilema amin’ny faritra sasany amin’ny vatany. Mety misy tsy ampy mihitsy aza ny ampahany amin’ny vatany, toy ny rantsambatana, na rantsana, na taova. Amin'ity tranga ity, dia matotra izy nefa tsy feno. Ny olona iray dia mety manana ny ratsambatana rehetra ao aminy tsy misy mipika ary miasa tsara, saingy mety tsy ho lehibe na matotra izy. Tsy maintsy manambatra ny hevitra momba ny fahamatorana sy ny fahafenoana isika amin'ity sarin'ny fahatanterahana ity.

Ao amin’ny Efesiana 4, ao amin’ilay andian-teny hoe “ho fanatanterahana ny olona masina” (andininy faha-12), ny matoanteny Grika hoan’ny tonga lafatra dia hoe “mampifandray”, na “mitambatra”. Ampiasaina ny teny iray mifandray amin’izany ao amin’ny Hebreo 11:3, izay milaza fa amin’ny alalan’ny Tenin’Andriamanitra, “izao tontolo izao no natao”, na “nitambatra”. Noho izany, ny teny hoe lavorary koa dia misy ifandraisany amin’ny fampifangaroana zavatra amin’ny fomba izay ny ampahany tsirairay dia miara-miasa amin’ny hafa ary manatanteraka ny asany araka ny tokony ho izy. Manana hevitra telo miavaka isika — dia fahamatorana, fahafenoana, ary fampidirana araka ny tokony ho izy — mifanaraka amin'ny fomba izay ahafahan'ny zavatra rehetra miasa mirindra. Izany no tanjona napetraky ny Soratra Masina ho antsika mpino.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny Asanao tamiko. Manambara aho fa Andriamanitra dia “manatanteraka” ahy — Izy no manamatotra ahy, mameno ahy ary mampifanaraka ahy ho any amin’ny toerana izay Nomeny ahy. Efa natao tanteraka ao amin'i Kristy aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-225-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

